


**Fampitam-baovao Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Vakoka**

**Notanterahina ny Zoma 15 Novambra 2013** teo ny fanaovan-tsonia ny fifanekem-piaraha-miasa teo amin' ny Sekoly Ambony STSI (Sekolah Tinggi Seni Indonesia) mampianatra ny kolontsaina Indoneziana any Bandung Indonezia sy ny CNEMD, sekoly misahana ny fampianarana ny dihy sy mozika eo anivon' ny Ministeran' ny Kolontsaina sy ny Vakoka.



Maro ireo tetik' asa izay efa niarahan' ny Ministeran' ny Kolontsaina sy ny Vakoka sy ny ambasadin' ny Indonezia eto Madagasikara  nanatontosa. Anisan' izany ireto manaraka ireto:

- Ny fandraisana anjaran' ny STSI tamin' ny festival Mitsaka farany teo.

- Ny famoahana ny rakibolana faharoa teny gasy Indonezia.

- Ny Fanolorana vatsim-pianarana.

- Ny fandraisana anjaran'ny tarika Krakatao avy any Indonesia nandritra ny festival Madajazzcar 2013.

Tamin' io fotoana io no nanasan'ny ministry ny Kolontsaina Indonesiana an-dRamatoa Elia Ravelomanantsoa handraisany anjara amin' ny atrik' asa iraisam-pirenena momba ny kolontsaina "World Culture Forum" izay atao any Bali ny faha 24 hatramin' ny 27 Novambra ho avy izao.



Fikasàna ho an' ny roa tonta ihany koa ny hanangana ivon-toerana momba ny Kolontsaina Indoneziana eto Madagasikara sy ivon-toerana momba ny kolontsaina Malagasy any Indonesia.

Ity fifanekena ity dia mariky ny fampivoarana ny fiaraha-miasa izay mifanaraka amin' ny tetik'asan' Andriamatoa Filohan' ny masoivoho Indoneziana, izay hijoron' ny foto-kevitra firahalahiana, mba hisian'ny fifamatoram-pihavanana eo amin' ny lafin' ny Kolontsaina Malagasy-Indoneziana.

**Seraseran'ny Ministeran’ny Kolontsaina sy ny Vakoka - Sary nalefa taty aminy www.madagate.com**